**A Asa manokana:**

- **Miantso mpianatra. Marka 1:16-20.**
  - — Mampiavaka an'i Marka ny fahafohezany. Raha tsy mijery ireo filazantsara hafa isika dia mety ho diso hevitra momba io antso io.
  - — Tsy izao no voalohany nifanenan'ireo lehilahy ireo tamin’i Jesosy. Amin’ny naha-mpanara-dia an’i Jaona Mpanao Batisa azy ireo, dia nandre ny fanambarany momba an’i Jesosy izy ireo, ka nanaraka Azy. I Andrea sy Jaona no voalohany, ary nanaraka koa ny rahalahiny avy (Jaona 1:35-42).
  - — Nitory teny teo amin’ny sambon’i Petera i Jesosy, ary nisy fahazoana trondro mahagaga niseho. Nila ho rovitra ny haraton’izy efa-dahy noho ny habetsahan’ny hazandrano (Lioka 5:1-7). Raha mbola nanamboatra ny harato i Jakoba sy Jaona, dia niantoraka teo an-tongotr’i Jesosy i Petera (Lioka 5:8-11).
  - — Navelan’i Jakoba sy Jaona ho andraikitry ny rainy ny asa fiveloman'ny fianakaviana, ary i Petera sy i Andrea kosa nandao ny fivelomany mba ho mpanarato fanahy. Tamin’ny fankatoavana ny antson’i Jesosy dia niova ny fiainany sy ny fiainan’izao tontolo izao.

**B Asa atao amin'ny Sabata:**

- **Mitoriteny ao amin'ny synagoga. Marka 1:21-28.**
  - — Maneho mazava ny filazantsara fa fanaon’i Jesosy ny fandehanana any amin’ny synagoga rehefa asabotsy, fa tsy hoe kisendrasendra (Lio. 4:16).
  - — Nanao ahoana ny fihetsiky ny olona tamin’ny toriteny nataon’i Jesosy? (Marka 1:22).
  - — Tsy ny rehetra no faly. Nanapa-kevitra ny fahavalo hanapaka ny fotoam-pivavahana, nanantena ny hanafoana ny fitaoman’i Jesosy (Marka 1:23-26). Nahavoasarika olona kokoa anefa ny fidirana an-tsehatra tampoka (Marka 1:27-28).
  - — Misy toe-javatra telo misongadina ao amin'ity tantara ity:
    1. **Misy demonia ao am-piangonana.** Misy “tsimparifary” ao am-piangonana, ary tsy haitsika ny manavaka izany (Mat. 13:24-30).
    2. **Mahafantatra an'i Jesosy ilay demonia,** ka mitady ny fomba hifehezana ny heriny.
    3. **Mibaiko azy hangina i Jesosy.** Tsy mbola fotoana hanambarana an-karihary ny tenany ho Mesia izao.
- **Manasitrana. Marka 1:29-34.**
  - — Raha mbola teo am-pikarakarana sakafo, dia nisy nilaza tamin’i Jesosy fa voan’ny tazo ny rafozambavin’i Petera (Marka 1:30). Raha vao sitrana io vehivavy io, dia nanolo-tena hanompo ny vahiny (Marka 1:31). Ny soa izay omen’i Jesosy antsika dia mitarika antsika hanana faniriana hizara izany amin’ny hafa.
  - — Ny fahagagana tamin’ilay demonia no anton-dresaky ny tokantrano maro tao Kapernaomy. Koa tamin’ny fiafaran’ny ora masin’ny Sabata, rehefa nilentika ny masoandro, dia nitondra marary maro teo amin’i Jesosy izy ireo mba hositranina (Marka 1:32-34).
  - — Fifaliana re izany! Hiaka fiderana toy inona no nanakoako tao an-tranon’i Simona! Ary tsy ny sitrana ihany no nidera, fa i Jesosy mihitsy no faly nanome fanasitranana azy ireo.

**D Asa andavanandro:**

- **Mivavaka sy mitory teny. Marka 1:35-39.**
  - — Tsy nanao araka izay sitrapony i Jesosy. Toy ny mahazatra dia nandeha niresaka tamin’ny Rainy aloha Izy mba hilazany Aminy izay tokony hataony amin’io andro io (Mar. 1:35; Jao. 8:28).
  - — Isan’andro Jesosy no mitady an’Andriamanitra amin’ny alalan'ny vavaka, ary manasa antsika hanahaka azy Izy (Marka 6:46; Lioka 3:21; 5:16; 9:18; 11:1; 18:1). Tamin’ny toe-javatra manokana, dia nanokana ny alina manontolo mihitsy aza Izy hivavahana (Lio. 6:12-13; Mat. 14:21-23).
  - — Toa an’i Jesosy, tsy tokony hitady an’Andriamanitra isan’andro amin’ny alalan'ny vavaka ve isika, mba hahalalana ny sitrapony? Amin'ny toe-javatra manokana, moa ve isika tsy hitady Azy indrindra amin'ny alalan'ny vavaka?
- **Manasitrana sy mitandrina ny Lalàna. Marka 1:40-45.**
  - — Ilay boka, izay nitoka-monina noho ny aretiny, dia nandohalika teo anatrehan’i Jesosy nitalaho fanasitranana (Lev. 13:45; Mar. 1:40).
  - — Nikasika ilay boka Izy, noho izany dia naloto. Kanefa, tsy nifindran'ny fahalotoan’ilay boka Izy, fa ilay boka no nandray fanasitranana taminy.
  - — Rehefa manatona an’i Jesosy miaraka amin’ny fahotantsika sy ny fahalotoantsika isika, dia tsy hiala amintsika Izy. Hanome famelan-keloka sy fanasitranana ho antsika Izy, mba hahatonga antsika ho madio toa Azy.
  - — Rehefa avy nanasitrana Izy, dia nanome baiko roa misy antony roa (Marka 1:44):
    1. Misehoa amin'ny mpisorona: Naneho ny fitandremany ny lalàna Izy; nanome fahafahana ny mpisorona hanaiky Azy ho Mesia izany
    2. Mangina: Niaro ny mpisorona tsy handray fanapahan-kevitra diso momba ilay boka Izy; Nitandrina tsy hampirongatra ny fiandrasana ny Mesia teo amin’ny vahoaka Izy